A OLANA VOALOHANY: SAKAFO. Romana 14:2-3; 1 Korintiana 8.

- ❖ Ireo mpisorona jentilisa dia nivarotra hena avy natolotra tamin'ny sampy.
- ❖ Nisy ady hevitra teo amin'ireo mpino ny amin'ny maha-mety na tsia ny fihinanana izany hena izany.
- ❖ **NY OLANA**: Manome tsiny ny malemy ny matanjaka satria tsy mihinana hena natolotra tamin'ny sampy izy ireo; alaim-panahy hisalasala ny amin'ny finoany ireo malemy.
- ❖ **IZA NO MALEMY?** Ireo izay tsy afaka ny hihinana hena natolotra tamin'ny sampy amin'ny fieritreretana madio noho ny maha-izy azy na noho ny fanabeazana noraisiny.
- ❖ **IZA NO MATANJAKA?** Ireo izay mino fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana ihany ary tsinotsinona ireo sampy; noho izany, ny hena natolotra tamin'ny sampy dia tsy voaloto.

B OLANA FAHAROA: ANDRO FIRAVORAVOANA. Romana 14:6; Kolosiana 2:16; Galatiana 4:9-10.

- ❖ Misy rahalahy Jiosy sasany izay mino fa tsy maintsy mitandrina ireo andro firavoravoana izy (voaloham-bolana, Sabata, Paska, Pantekosta, Andro Fanavotana...) sy ireo andro fifadian-kanina (Alatsinainy sy Alakamisy).
- ❖ **NY OLANA**: Mitady hanery ny matanjaka amin'ny fitandremana ireo andro firavoravoana ireo ny malemy.
- ❖ **IZA NO MALEMY?** Ireo izay mino fa tsy maintsy mitandrina ireo andro firavoravoana rehetra izay napetraky ny fomba amam-panao Jiosy izy.
- ❖ **IZA NO MATANJAKA?** Ireo izay mino fa ny andro firavoravoana Jiosy dia endrik'i Kristy ihany ary nifarana izany rehefa tonga ary maty Izy.

D MAHITA VAHAOLANA I PAOLY

- ❖ Tsy mahazo mitsara ny malemy ny matanjaka (Romana 14:4)
  - — Manaiky ary manohana ny olona tsirairay Andriamanitra.
- ❖ Aza mitsara na manao tsinotsinona na iza na iza (Romana 14:10-21)
  - — Andriamanitra no hitsara ny olona tsirairay; samy hampamoahany ny amin'ny tenany avy isika rehetra, fa tsy ny an'ny hafa.
  - — Rehefa mitsara isika, dia tonga fandavoana na fanafitohinana eo anoloan'ny rahalahitsika. Mety hihamalemy na hiala amin'ny finoana noho ny amintsika ireo rahalahitsika—izay nahafatesan'i Kristy—ireo.
- ❖ Tsy maintsy mitondra tena araky ny feon'ny fieritreretany ny olona tsirairay avy, tsy manery ny hafa (Romana 14:22-23)
  - — Tsy maintsy mitondra tena araky izay inoantsika isika.
  - — Raha matanjaka isika, Andriamanitra no hanampy antsika hahafantatra izany rehefa tonga ny fotoana heveriny fa mety.
- ❖ Aoka samy hitady izay mahafaly ny namantsika (Romana 15:1-3)
  - — “Aoka isika rehetra samy hitady izay hahafaly ny namantsika amin'izay hahasoa sy hampandroso azy.” (Romana 15:2)

— Tsy maintsy mampahery ara-panahy ny namantsika isika ary manampy azy amin'ny fitomboan'ny tenany ho amin'ny fahatanterahana.